FINOANA SY NY FIRENENA

Manoritra mazava ny lalan-kizorany ny FJKM

Miditra amina dingana lehibe vaovao indray nanomboka afak'omaly ny fiangonana FJKM. Ny Alahady 17 Oktobra lasa teo mantsy no notanterahina teny amin'ny Coliseum Antsonjombe ny fotoam-pivavahana lehibe, nanolorana sy nitondrana am-bavaka ireo Tomponandraikitra vaovao voafidy ho amin'ny taom-piasana 2021-2025. Teo no nanolorana sy nametrahana araka ny fombam-piangonana ireo mpikambana 6 eo anivon'ny Birao Mpiandraikitra Foibe (BMF) izay ny filohany, ny Dr Irako Andriamahazosoa Ammi, Mpitandrina, sady Filohan'ny FJKM ; sy ireo mpikambana ao anatin'ny Mpiandraikitra Foibe (MF) miisa 100, ka Mpitandrina ny 50 ary Laïka kosa ny 50. Izy ireo dia voafidy tany amin'ny Synoda Lehibe faha-19 natao tany Sambava ny Aogositra 2021.

Toy izay koa no natao ireo eo anivon'ny mpanatanteraka izay voafidy nandritry ny fivoriana voalohany ny MF, teny amin'ny CFD Ampandrana ny Alakamisy sy Zoma lasa teo. Ao anatin'izany, ny Sekretera Jeneraly ny Foibe FJKM, ny Mpitandrina Rakotonindrainy Jaona ; eo ihany ireo Tonia samihafa : Tonian'ny departemanta ny Mpiasa sy Vola, ny Tonian'ny Departemantan'ny Fiangonana, ary ny Tonian'ny Departemantan'ny Sekoly. Natolotra ihany koa ireo mpikambana eo anivon'ny FIFAMPI sy ny FIFAFI ary ny mpandinibolan'ny Fiangonana. Marihina fa ny Alarobia 20 Oktobra izao vao hifarana ny fivorian'ny MF.

Araka izany dia efa azo lazaina ho feno ny toerana hisahana ireo andraikitra lehibe eo anivon'ny FJKM hatramin'ny alahady teo. Miroso araka izany ny asa izay efa nosoritsoritan'ny filohan'ny FJKM handritry ny efatra taona ao anatin'ny vina nofaritana nandritry ny fandraisam-pitenenana nataony. Vina lehibe no napetraka dia ny hoe « Vontosy Filazantsara i Madagasikara, Filazantsara manova ny tantara ». Maro ny asa hoezahina sy hilofosana hotanterahin'ny fiangonana ao anatin'izany. Voakasika ny sehatra maro samihafa, ary anisan'ny ifotorana ny famerenana amin'ny laoniny ny fianakaviana. Hanao ezaka lehibe ny fiangonana FJKM amin'ny fiainam-piarahamonina ankoatra ny eo anivon'ny fiangonana. Hitondra anjara biriky lehibe izy eo amin'ny asa fampandrosoana eto amin'ny firenena. Izay indrindra no nilazan'ny filohan'ny FJKM, fa miaramiasa amin'ny fanjakana ny fiangonana, fa tsy atao fitaovana politika. Notsiahiviny ihany koa ny vina fototra dia ny hoe: "i Madagasikara dia mbola ho firenena kristiana hatramin'ny taona 2118". Mazava araka izany ny zotran'ny FJKM sy ny vinany, izay maneho fa fiangonan-dehibe hatrany izy eto amin'ity firenena ity.

Ny fotoam-pivavahan'ny FJKM teny Antsonjombe ny alahady teo.

Radafy

Depiote Todisoa, TIM Boriboritany VI

Nanampy amin'ny fanamboarana tetezana eny Andranomena

Nanampy amin'ny fanamboarana tetezana eny Andranomena, ao amin'ny Boriboritany faha-VI eto Antananarivo Renivohitra, ny depiote avy amin'ny antoko Tiako i Madagasikara (TIM) ao amin'ity boriboritany ity, Todisoa Andriamampandry. Nambarany fa: "na dia tsy asan'ny Solombavambahoaka aza ny manao fotodrafitr'asa, noho ny fangatahan'ny mponina ao Andranomena Ambohimanarina dia raisiko andraikitra ny fanamboarana ilay tetezana "beton" eny an-toerana ary efa nanomboka ny asa. Marihina fa ny fandaniana ny amin'ny fanamboarana dia ny tenanay manontolo no hiantoka madiodio izany na ara-pitaovana na ara-bola, amin'ny vola aty am-paosy. Efa an-taonany maro no tsy nisy nijery io tetezana io ary niteraka ratra na niharan'ny herisetra sy tsy fandriampahalemana ho an'ireo izay nandalo teo. Raha sitrapon'ny Tompo dia ezahina ho vitaina amin'ity volana Oktobra ity ny asa". Efa fanaon'ity depiote TIM ity ny asa soa, sy asa sosialy ao amin'ny Boriboritany iadidiany.

Ny asa fanamboarana tetezana eny Andranomena.

Isambilo

« Cellule de crise » ny asan-gazety

Maro ny fandikan-dalàna tamin'ny fifidianana ny sabotsy teo

Nanao fivoriana tao amin' ny Cnpc Antanimena ny sabotsy tolakandro teo, ny mpanao gazety mivondrona ao amin'ny "cellule de crise" ny asan-gazety. Nambaran'izy ireo tamin'izany, fa maro ireo fandikan-dalàna manerana ny Nosy tamin'ny fifidianana ny holafitra amboletra nataon'ny ministera ny faran'ny herinandro teo. Araka ny fanambarana ihany, ny "cellule de crise" dia manantitra, fa famotehan'ny ministry ny serasera Lalatiana ny tontolon'ny asa an-gazety iny fifidianana natao amboletra iny. Nandray fitenena ny mpanao gazety Fernand Cello ary nanambara fa: "manohitra ny latsabato izay natao amboletra androany sabotsy 16 oktobra 2021. Maro ireo fandikan-dalàna izay tsikaritra nandritra ny fandatsahambato androany. Teo ny faneriterena mpanao gazety, na eo amin'ny haino amanjerim-panjakana na privé. Anisan'izany ohatra: ny famoriana mpanao gazety amin'ny androm-pifidianana any amin'ny faritra Farafangana, izay niendrika fisakafoanana kanefa fampielezankevitra amin'ny andro fandatsahambato. Nisy ihany koa mpanao gazety izay nahazo fandrahonana tany Morondava, nandray anjara tamin'ny fandaharana omaly zoma, niresaka ny lisitra nisy an'i Monica. Nitomany ilay mpanao gazety, satria nisy fandrahonana azony. Ka mbola ho arahina eo ihany ny tohiny. Manameloka ny herisetra nahazo ny mpanao gazety any amin'ny faritra Sofia, izay nataon'ny assistant sy mpamilin'ny solombavambahoaka any an-toerana. Manameloka ny hetssika nataon'ny minisitry ny serasera tamin'ny fandaharana tsy miankina omaly zoma, izay niresahana ny fiainan'i Annie Andrianaivonirina manokana, rehefa tsy nitovy hevitra aminy na tsy nety nanaraka ny amboletra izay ataony amin' izao fotoana izao. Farany, izahay dia hiaro ireo izay nanao vato fotsy ary izay nandatsabato androany, ary nametraka requête any amin'ny Conseil d'Etat handeha amin'iny herinandro iny. Ny "cellule de crise" dia hanamafy ny hetsika ary milaza, fa toy ny tsy misy ny fifidianana izay natao androany." Nanamafy ny mpanao gazety Heninkaja Rakotomanantsoa, momba ny ho tohin'ny tolon'ny "cellule de crise" ary nilaza fa: "hisy ny rafitra izay hatsangana isaky ny faritra. Fotoana izao tsy maintsy hanamafisana ny fiarovana ireo mpanao gazety. Rafitra iombonan'ireo mpanao gazety rehetra ity."

Ny sasany avy amin'ny « cellule de crise » ny asan-gazety, tetsy Antanimena ny sabotsy teo.

Stefa

Ny Valosoa sy fakafaka

Fitantanam-pirenenan-dRajoelina

Politikan'ny zavatra tsy maharitra

Mikisarin'ireny mpilalao tantara an-tsehatra na théâtre ireny ny fitondrana Rajoelina. Ny mpanao théâtre dia tonga eo amin'ny sehatra na amin'ny toerana iray, dia apetraka sy vononina eo avokoa ny fitaovana sy ny kojakoja rehetra ilaina hanatanterahana ny piesy, na ny tantara holalaovina. Rehefa vita ny tantara nolalaovina, mifarana ny théâtre dia ahorona avokoa ireo fitaovana rehetra nampiasaina ary tsy misy n'inona n'inona intsony avy eo amin'ilay toerana na ilay sehatra. Dia toy izany ny zava-misy tsikaritra tato anatin'izao fitondrana izao.

Natao nalaza tamin'ny haino vaky jery, ohatra, ny fanamboaran-dalana amin'ny lalam-pirenena faha-6 mianavaratra mankany Antsiranana, taorian'ny nahavitana ny lalana mankany Ramena. Natao nipoapoaka mihitsy ny fanokafana ny lanonana fametrahana ny vato fehizoro notarihan'ny filohan'ny Repoblika. Teo avokoa ireo fitaovana vaventy nambara hampiasaina hamitana ny asa. Nopehana hatramin'ireo fitondrana teo aloha, fa hoe tsy nisy nanamboatra izany lalam-pirenena izany. Iarahamahala aloha, fa tsy marina izany filazana izany. Efa ho roa volana anefa izao tsy nanomboka ihany ny asa nidedahana hovitaina. Nambaran'ny olom-pirenena nandalo tamin'izany lalana izany , avy any avaratra izy nandeha niakatra, fa tsy misy n'inona n'inona intsony eo amin'ilay toerana saika hanombohana ny asa. Tsy misy hita ireo fitaovana vaventy samihafa narentirenty tamin'ny sary. Tsy misy afatsy ilay vato fehizoro sisa no ao, hoy ilay olom-pirenena. Miandry izany ve ny fanombohana ny asa?

Nahenoina toy izany koa tamin'ny toerana hafa. Mody eo amin'ny fotoana anaovana lanonambe ihany no maresaka dia avy eo misy "fafàna", fa lasa ny filohan'ny Repoblika. Rehefa dinihina, fanaon'ny fitondrana Rajoelina izany hatrany amin'ny tetezamita. Nampiasain'izy ireo ny zaridainan'Ambohijatovo tamin'ny fiketrehana hanongam-panjakana ny taona 2009. Aty aoriana nosakanan'izy ireo ny fankanesana eny raha haneho hevitra ny olom-pirenena, na ny antoko politika. Ankehitriny aza natao mihitsy ho valan-javaboahary. Nofafana tanteraka tsy ho kianjan'i Demôkrasia.

Toy izay koa ny teny amin'ny kianjan'ny 13 Mey. Nampiasain'izy ireo nanaovana hetsika izany na tamin'ny 2009, na tamin'ny fanoherana ny fitondran'ny filoha Rajaonarimampianina. Taorian'izay ary mandraka ankehitriny, vao nahazo fitondrana tsy misy mahazo mankeny intsony. Ary maro ny tranga toy izany, ohatra, toy ny hita tamin'ireny fizarana vatsy tsinjo ireny. Mamory vahoaka mifanisika rehefa izy no mitarika azy, fa rehefa ny hafa dia Emmoreg no tonga mialoha amin'ny toerana hanao fisakanana sy ramatahora. Mametraka ao an-tsain'ny olom-pirenena sary ratsy izany, sy manao izay tsy isian'ny fifampitokisana eo amin'ny roa tonta. Mampahatsiahy ny politika maloto nataon'ny mpanjanatany tao amin'ny firenena iray tao Afrika tany amin'ny taona 1958 koa izany. Nofafàny na nopotehiny avokoa izay nataony rehetra rehefa voatery niàla tao amin'ilay firenena izy. Ny amin'izay aloha efa tena lasa lavitra, fa toa iray lalana ihany anefa izany satria any amin'ilay vahoaka no ifatrany farany.

Sôh'son